Ny Valosoa sy hadihady

Hiatrika lalao roa lehibe ny firenena Malagasy, iza no hahomby ?

Lalao roa lehibe no hitranga eto amin'ny firenena. Ny voalohany, lalaon'ny Barean'i Madagasikara anio hiatrika ny ekipam-pirenena Ethiopiana eny amin'ny kianjaben'i Mahamasina. Ny faharoa lalao diplômatika hihaonan'ny solontena Malagasy notsongaina amin'ny solontena frantsay eny amin'ny lapan' Andafiavaratra amin'ny alatsinainy ho avy izao. Ny lalao anio hiadiana ny amboaran'i Afrika amin'ny ekipam-pirenena, CAN 2021, fa ny faharoa kosa hiadiana amin'i Frantsa ireo Nosy an'i Madagasikara manodidina azy. Na samy ady aza dia tsy mitovy tanteraka eo amin'ny lafiny fijerin'ny vahoaka. Ny ekipam-pirenena Malagasy Barea dia miraiki-po tanteraka amin'ny vahoaka Malagasy rehefa nanao ezaka mazava nankafizin'ny vahoaka ary hitam-bahoaka ny fahombiazany. Sambany eo amin'ny tantaran'ny baolina kitra Malagasy rahateo no nisandratana toy iny ary mbola miandrandra an'izay ny vahoaka amin'ity lalao hihaonana amin-dry zareo Ethiopiana ity. Miandrandra fandresena isika amin'ny lalao anio.

Hamaky lay amin'ny fiadian-kevitra amin'ity resaka fitakiana ny îles éparses ity na dia efa nisy aza ny filazana nataon'ny Firenena Mikambana fa an'ny Malagasy ireo Nosy ireo. Tsy mbola nisy io fiadian-kevitra na mety koa ho fifandresen-dahatra io. Haharesy lahatra ve ireo solontena dimy notsongaina ireo ary ho tratra ve ny tanjona dia ny hiverenan'ireo Nosy ireo amin'i Madagasikara? Anisan'ny olona manana ny maha izy azy eto amin'ny firenena izy ireo ary tena azo lazaina ho ireo elita sangany mihitsy. Raha mitaratra amin'ireo mpilalaon'ny Barea izany dia mila maneho ezaka mazava sy fahombiazana toy ny nataon' ireo ny solontena hiatrika ny lalao eny Andafiavaratra. Ho mafy ny ady satria iaraha-mahalala tsara ny toetra sy fomba ratsin'ny mpitondra politika frantsay nifandimby hatramin'izay, niainga tamin'ny andron'ny fanjanahantany, ka mandraka ankehitriny. Ny mahavariana dia niseho seriny mihitsy i Andry Rajoelina sy ireo mpiara-dia aminy rehetra, fa hisy fihaonana amin' ny filoha frantsay Emmanuel Macron. Toy ny hitondra soa ho an'ny firenena Malagasy mihitsy ny hihaonan'ny filohan'ny repoblika Malagasy aminy volana vitsy lasa izay. Niaraha-nahita tsara anefa ny fihetsik'ity filoha frantsay ity sy ny teny nambarany tao amin'ny Nosy Glorieuses vao tsy ela izay. Indraindray misy alaim-panahy ihany ny mpandinika sasany hihevitra fa karazany sinema ihany izany rehetra izany, satria iaraha-mahalala tsara ny fironan'i Andry Rajoelina fony vao hanongam-panjakana tamin'ny 2009, sy ny fiverenany handrombaka amin'ny fomba rehetra ny fitondrana tamin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny taona 2018, fa nifanosona tamin'ny tany olona mpanao politika tany Frantsa tany ny tenany. Tantara lava ny amin'izany tsy idirana antsipiriany eto aloha, fa raha ilaina horesahana amin'ny manaraka. Ny tiana holazaina dia ho sahy ve ny solontena malagasy hiteny mahitsy amin'ny andrasan'ny vahoaka azy hitaky ireo Nosy ireo, ary tsy hanafinkafina ny dinika ny fandehan'ny dinika nitranga tao? Amin'izay fotoana izay, ho tahaka ny fihetsiky ny Barea ny ataon'izy ireo, ka ho avy tokoa ny vahoaka hiara-hientana tokoa amin'ny fitakiana ireo. Fa raha toy ny nataon'i Andry Rajoelina tamin'ny fihaonana tamin'i Macron, ka tsy fantatra mihitsy izay dinika tao, dia mbola ho sarotra ny fientanan'ny vahoaka. Ka andrasana izany, na ny voka-dalao anio eny Mahamasina na ny hitranga eny Andafiavaratra. Ho tantara mitohy io farany io sa ho "long metrage", hisy "épisode" tsy ho fanta-piafarana?

Sôh'son

Pr Harimalala Joseph

Hita miharihary indray ny fandikan-dalàna ataon'ny kandidàm-panjakana

Ao anatin'ny fampielezan-kevitra tanteraka ny mpanao politika manerana an'i Madagasikara amin' izao fotoana. Ho an'i Pr Harimalala Joseph, izay tsy mitsahatry ny maneho hevitra arapolitika sy ara-pivavahana dia hita miharihary hoy izy ny fandikan- dalàna ataon'ireo mitonona ho kandidam-panjakana no sady manitsaka ny lalam-panorenana amin'ny fampiasana ny anaran'ny filoham-pirenena. Ny tsikaritra dia tsy zakan' izy ireo mihitsy ny fiarahan'ny filoha Marc Ravalomanana miaraka amin' ny Kandidàn'ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay marihina fa tsy voararan'ny lalàna mihitsy ny fiarahan'ny filoham-pirenena teo aloha amina kandidà iray, fa ny fanononana kosa, na ny fampiasana ny anaran'ny filoham-pirenena anie, ka voararan'ny lalam-panorenana e, satria filohan'ny Malagasy rehetra izy fa tsy filohan'ny IRK. Raha ny lalàna dia azo atao ny mampiato ireny kandidà ireny saingy hatreto tsy hiditra amin'izany ny mpifaninana fa dia samy ho- tsarain'ny vahoaka eo ihany, saingy raha misy fisainana ihany ny filoham-pirenena dia tokony hampiato ny fizahozahoan'ireny kandidàny ireny, izay tsy takona afenina fa hatrany amin'ny fitoerana masina avy dia hanaovan'ireo kandidam-panjakana ireo izany fieboeboana sy fampielezan-kevitra an-kolaka izany. Raha ny ambaran'ny soratra masina ao amin'ny Isaia 3 : 8-9 sy ny andininy faha 11 dia milaza manao hoe : « Fa tafintohina Jerosalema, ary potraka i Joda, satria ny lelany sy ny asany dia samy manohitra an'i Jehovah, mba hihaika ny mason'ny voninahiny. Ny fisehon'ny tarehiny miampanga azy, ary mampiharihary ny fahotany tahaka an'i Sodoma izy, ka tsy manafina azy. Lozan'ny fanahiny ! fa mampidi-doza amin'ny tenany izy. Lozan'ny ratsy fanahy ! hiharan'ny ratsy izy, satria ny valin'ny nataon'ny tanany ihany no hanody azy ». Fa isan'ny nahalasa saina ihany koa ny tenin'ny filoham-pirenena tany Morondava hoe: "Sady nivavaka aho no niherikerika"; izay ma- mpametram-panotaniana tokoa satria nitovitovy tamin'iny ihany koa no nambarany tany Egypte ka nilazany hoe: "Taiza aho no nivavaka hoy ianareo? Tsy taiza fa tany amin'ny Toilette", ka io no mahalasa saina amin'ity fitenitenenana foana ataon'ny filoham-pirenenana ity satria toa fanimbazimbana ny fivavahana sy ny ara-panahy ve sanatria, ka io no itaomana antsika mba tsy hanao tsinontsinona an'Andriamanitra. Tadidio anie fa matoa tsy mitsa-ha-mitombo izao olana maro samihafa mitranga eto Madagasikara izao : ny filaharan-drano etsy sy eroa, tsy fahampian'ny solika, tsy fanjarian'ny famatsian-jiro hoy ity mpandinika ity dia vokatry ny tsy fanomezan-danja ny fivavahana sy fanompo-ana an'Andriamanitra ka na hosoloina isan'andro aza ny tompon'andraikitra etsy sy eroa dia ny eo ihany no ho eo, satria efa nambaran'ny tenin'Andrimanitra ao amin'ny bokin' ny Samoela voalohany toko faha 2 :30 manao hoe : «Fa izay manome voninahitra an'Andriamanitra no omeny voninahitra, fa izay manamavo azy no ho afa-baraka ». Fa mbola nasian'i Pr Harimalala Joseph resaka ihany ny manodidina ny resaka Ambohitrimanjaka, araka ny ambaran'ny tenin' Andriamanitra ao amin'ny Petera voalohany 3 :8 manao hoe : « Farany : miraisa saina hianareo rehetra, ka miaraha ory, mifankatiava tahaka ny mpirahalahy, mifamindrà fo, manetre tena ». Koa eo anatrehan'izany hafatr'Andriamanitra izany, raha tena tian-tsika ny tanindrazan-tsika dia isika samy isika no hiray saina sy hifanohana, fa mety ho fitsapana sy fizahan-toetra ataon'Andriamanitra ny vahoaka Malagasy io, mba handrefesana tokoa ny fihavanantsika Malagasy na tsia, fa mba tsy ho tamin'ny baolina kitra ihany no mody nihavana ny Malagasy, fa amin'ny fahoriana mahazo ny mpiray tanindrazana ve dia hitolefika, satria aza adinoina ny tenin'ny soratra masina manao hoe : « Fa ataoko ahoana ny hijery ny fandringanana ny havako ? ».

Solohery

Sekretera jeneralin'ny CUA

Maro ny fanitsiana tokony hatao mahakasika ny fifanarahana amin'ny Easy park

Mahakasika ny fitantanana ny fiantsonan'ny fiara, teboka maro no tokony hatsaraina ao anatin'ny fiaraha-miasan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny Easy Park amin'ny fitantanana ireo toeram-piantsonana eto an-drenivohitra. Fifanarahana tamin'ny taona 2014 no mamaritra fiaraha-miasa hatramin'izao, 20% amin'ny vola miditra voarain'ny horodateur no mirotsaka any amin'ny kaominina isan-taona, voarotsaka ara-dalàna izany vola izany, ary tafiditra ao anatin'ny tetibola iasan'ny kaominina araka ny fanazavana nomen'ny sekretera jeneralin'ny Cua, Raveloson Landy. Maro ny fanitsiana tokony hatao mahakasika ny fifanarahana amin'ny Easy park, tsy maintsy hiandrasana ny fivorian'ny mpanolotsaina manaraka kosa ny fanitsiana, efa nokasaina hatao mahakasika ny fifanarahana amin'ny Easy Park izay araka ny fanazavany ihany.

Isambilo

NY TENY FIAINANA

Ohabolana 1:7

Ny fahatahorana an'i Jehovah no fiandoham-pahalalana; fa ny adala manamavo ny fahendrena sy ny famaizana."

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Ireo kandidà ben'ny tanànan' Antananarivo sy ny vadin'izy ireo avy nandritra ny ady hevitry ny FES

Hajanirina Rabemananjara : mankasitraka e ! Mandeha @ TV ve ? azfady MBS ohatra? Mba asio VIDEO INTEGRAL FA ILAY TEO TENA EFA TARA BE VAO NAHITA OH !

Arp Helisoa : amin'ny sabotsy sy alahady mandeha integral ami TV plus, iny ady hevitra nokarakarain'ny FES iny.

Haîm Tsiferana : Arp Helisoa teleanay tsisy tvplôsy, tsy mandeha amin tele hafa ve?

Domoina Raza : alefa Tahiry Ny Rina Randriamasinoro N°2 aaaa! zahay manohana anao hatrany, manohana anareo mivady e!

Mialy Razafimbola : alefa Rina, Maire ianao amin'ny 27 nov alina.

Fenohanitra Tianasoa : latsa-bato sisa e ! efa ben'ny tanàna Rina, ny vadiny, vadin'ny ben'ny tanàna, hihihiiiii!

Lala Michaelah : toa misy vadin'olona misitrisitrika ?

Sitrakiniaina Ramn : couple Rina mahafatifaty, Rina Maire amin'ny 28 novembre ok e !

Vona Ny Riana : mahafinaritra be i Rina sy ny vadiny. Samy mirana sy avy dia hita fa tsy manamboatra fihetsika. Mifankatia ery!!! Mankasitraka. Mahatoky sy mifidy anao Antananarivo ary vonona hanohana hatramin' ny farany.

Voahangy Razafy : nahafinaritra daholo kosa zareo mkivady avy e!! Fa ny ahy Rina Ihany no fidiko!!! Alefa Rina a!

Melodie Safrane : couple Rina tsotra nefa tena misy charisme, classe, mafatifaty b. Ok, alefa Rina !

Keke Rvj : iza koa ty fatsoraly eo akaikiny vadiny Naina ity.

Marie Bernadette Raharisoa : Rina no antsika e ! N°2 amin'ny 27 nov, conseiller TIM koa fidintsika daholo.

TONONKALO

TONELINA TSY MISY FARANY

Folo taona izao isika no efa niditra tonelina:
Tamin`ny tetezamita , avy eo Rajao sy Rajoelina.
Mandraky ny ankehitriny , mbola ao , tsy tafavoaka,
Haizim-pito tsisy farany no iainan`ny vahoaka !

Raha ny momba an`ito farany, lasa izay ny folo volana,
Saingy indrisy , tsy voavaha fa dia mitombo hatrany ny olana !
Jiro : tapaka matetika , rano : mampiferin`aina.
Tsisy hapoaka ny filoha ka dia tsy manan-kolazaina .

Ny dahalo no manjaka na an-tsaha na an-tanàna.
Tsy milamina ny tany , mbola ho ela ny hazavana !
Izay ataon`ny mpitondra , zary toa maneno sahona.
Ny mangidy efa tsy telina nefa tonga indray ny vahona!

Olona midehadehaka , izany sisa no hany tazana,
Fa tsy vonona hiaiky ny amin`ny tsy fahombiazana.
Raha izay io no mbola hikiry hanapitra ny dimy taona,
Dia miomàna ry vahoaka fa hitohy ny alin-tsaona !

… Mpanao gazety no tsaroana raha nanao fanambaràna:
"Misy ny karazan`olona tsy azo omena fitondrana !".
Asa izany raha dia mbola hohamarinin`ny tantara,
Fa hatreto dia mitohy ny haizina eto Gasikara !

DADAN`i ZINA (15-11-19)